



# Ny fanarahana an'i Jesoa any NÉPAL







FANTARO I SAMYOG!

## Momba an'i Samyog

**TAONA:** 9

**AVY ANY AMIN'NY:** Faritanin'i Bagmati, Népal

**TENIM-PIRENENA:** Nepaley, Anglisy

**TANJONA SY NOFINOFY:** 1) Ho tonga mpanamory fiaramanidina. 2) Hanara-dia an'i Jesoa Kristy. 3) Hanome anarana ny zanany lahimatoa hoe "Sreejal", izay midika hoe fahadiovana.

**FIANAKAVIANA:** Samyog, Aama (Neny), Buba (Dada), ary didis roa (zoky vavy)

## Ny fomba fanarahan'i Samyog an'i Jesoa

Tsy betsaka ny Kristianina any Népal. Betsaka ny olona tsy mahalala firy momba an'i Jesoa Kristy mihitsy. Tia milaza amin'ny hafa momba an'i Jesoa i Samyog.

Indray mandeha dia nanao fankalazana ny Krismasy ny sekolin'i Samyog mba hanampiana ny mpianatra hamantatra ireo andro hankalazana zavatra manerana izao tontolo izao. Nilaza i Samyog fa Kristianina izy. Namaly ny fanontanian'ny mpampianatra sy ny mpiaramianatra taminy momba an'i Jesoa izy.

"Te hanaraka an'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainako aho," hoy i Samyog.

SARY NATAON'I AARON CUSHLEY



**Afaka manara-dia an'i Jesoa koa ianao!**
Maro ireo fomba ahafahana manara-dia an'i Jesoa. Ahoana no fomba anarahanao Azy? Sorato dia lazao anay!

## Ny zavatra tena tian'i Samyog

**TANTARA MOMBA AN'I JESOA:**
Ny nahafatesany ho antsika noho ny fitiavany antsika

**HIRAN'NY KILONGA:**
"Araho hatrany ny Mpaminany" (*Bokin-kiran'ny ankizy*, 58)



**TOERANA:**
Ny efitra fandraisambahiny ao an-tranony

**SAKAFO:**
Mofomamy sy kukhura (akoho)





**LOKO:**
Volomboasary sy manga

**TARANJA ANY AN-TSEKOLY:**
Siansa sy matematika

